

n° 46

# Ny Feon'ny Mpiompy Trondro

Ny gazetin'ny fiompiana trondro eto Madagasikara

Mivoaka isaky ny telo volana

April 2020

## NY HALATRA TRONDRO

### Matsiatra Ambony

Mivondrona handresena ny  
tsy fandriampahalemana (P. 5)

### Atsinanana

Fitadiavana vahaolana  
amin'ny halatra (P. 5-6)



### Amoron'i Mania

Dina hoenti-miady amin'ny  
halatra trondro (P. 4)



## SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

An-kafaliana hatrany no anoloran'ny ekipan'ny fanoratana ny gazety « Ny Feon'ny Mpiompy Trondro » anareo ity laharana vaovao ity.

Horesahanay aminareo ao anatin'ity laharana faha-46 ity ny fiantraikan'ny halatra eo amin'ny fampandrosoana ny fiompiana trondro. Amin'ny faritra rehetra iasan'ny APDRA, mihamafy amin'ny mpiompy ny halatra trondro mahazo azy ireo. Tamin'ny 2019, 104 ny isan'ny halatra sy fisomparana voarakitry ny ekipan'ny APDRA tao amin'ny faritra Itasy, Vakinankaratra, Amoron'i Mania sy Matsiatra Ambony. Zanatrondro 100 000, trondro vaventy 460 kg ary ray sy reninatrondro miisa 370 no very teo anivon'ireo mpiompy vokasik'izany. Novinavinaina ho mihoatra ny 920 tapitrisa ariary ny fatiantoka arabola raha kajiana ny trondro vaventy tokony ho azo miaraka amin'ny zanatrondro sy reninatrondro very. Ny fahitana io tarehimarika io dia mampibaribary fa sakana lehibe amin'ny fampandrosoana ny fiompiana trondro ny halatra. Mampiraviravy tânana ny mpiompy trondro ary mampiahotra ireo te hiroso izany. Manoloana izany dia efa herintaona izao no nikaroka vahaolana ny APDRA.

Ao anatin'ity laharana ity, hohitantsika ny vokatry ny halatra trondro avy amin'ny alalan'ny fijoroana vavolombelona ataon'ny mpiompy trondro roa avy ao Itasy ary mpiompy iray avy ao Vakinankaratra. Hatolotra aorian'izay ny vahaolana maromaro ahafahana miady amin'ny halatra trondro. Ao Amoron'i Mania, nifampiresaka ny mpiompy trondro maromaro hametrahana dina hifehy ny halatra. Nisy ireo nampian'ny APDRA sy ny manam-pahefana ifotony, nanatanteraka fampahalalana mikasika ny halatra trondro. Ao Matsiatra Ambony, nanangana fikambanana hoenti-mandresy ny tsy fandriampahalemana ao amin'ny fokontany misy azy ireo ny mpiompy ary, any amin'ny Morontsiraka Atsinanana, vokatry ny fangatahan'ny mpiompy trondro dia nitarika asa fiarahamikaroka vahaolana amin'ny halatra ny APDRA.

Mino izahay fa hanatsara ny fomba fiasa iadiana amin'ny halatra ity laharana ity. Amin'izao fotoana anoratany izao anefa dia miatrika ny valan'aretina COVID-19, toy ny firenena maro, i Madagasikara. Nohon'ny fepetra fihibohana noraisin'ny governemanta dia tsy afaka manome anareo ny vinavinan'ny toetr'andro izahay. Ny APDRA koa dia nisafidy ny tsy hidina ifotony intsony mandritra ny fotoana vitsivitsy mba hamerana ny fipariahan'ny otrik'aretina. Tsy hadinonay anefa ianareo mpiompy trondro fa hotohizanay hatrany ny fanohanana ataonay. Mitady ny vahaolana hisaràna ny gazety ihany koa izahay. Ialanay tsiny ny fahatarana aterak'izany.

Mamakia finaritra, ary mirary soa ho anareo sy ny fianakavianareo !

Ny ekipan'ny FMT

## INONA NO VAOVAO ?

### Didim-panjakana mikasika ny fiompiana trondro an-dranomamy

Tanteraka tao anatin'ny telo volona voalohan'ity taona 2020 ity ihany ny atrikasa roa nifanesy nandinihan'ireo mpisehatra mikasika ny didim-panjakana efatra mikasika ny fiompiana trondro. Ireo no ampiharana ny didy aman-dalàna natao teo anelanelan'ny taona 2002 sy 2015. Notarihin'ny Ministeran'ny Fambolena sy Fiompiana ary ny Jono (MAEP), dia ny Tale Jeneralin'ny Jono sy ny Fiompiana anaty rano (DGPA), natao niaraka tamin'ny fanohanana'ny programa South West Indian Ocean Fisheries (SWIOFISH) ny atrikasa voalohany ary notohanana'ny Coopération allemande (GIZ) ny faharoa.

Ny atrikasa tamin'ny 19-21 febroary 2020, tany Mantasoa, dia niompana tamin'ny fananganana toeram-piompiana trondro an-dobo, ireo fepetra famokarana zanatrondro ary fampiharana ny fambolem-bary sy fiompiana trondro miaraka an-tanimbary. Natao tao Antsirabe kosa ny faharoa, ny 19 sy 20 martsa, ary niompana tamin'ny famoronana karatra ho an'ny mpiompy trondro an-dranomamy.

Nandritra ireo atrikasa ireo no nandinihan'ireo solontenan'ny Fanjakana eo anivon'ny MAEP/DGPA/DDA (Direction d'appui au Développement de l'Aquaculture), ny sampan-draharahan'ny faritra, ny manam-pahefana ifotony ary ireo mpisehatra amin'ny zotram-pihariana trondro an-dobo sy an-tanimbary, nosoloin'ny mpiompy mpamokatra zanatrondro sy mpanatavy trondro tena, ireo didim-panjakana 4. Avy amin'ny faritra maro ahitana mpiompy trondro betsaka eto Madagasikara ny mpandray anjara.

Tanjona tamin'izany ny hampahafantatra, ny hamitàna sy hankatoavana miaraka amin'ireo mpandray anjara ny vontootin'ireo didim-panjakana ireo. Hevitra sy torohevitra maro mikasika ny famokarana sy fivarotana zanatrondro sy trondro vaventy no nivoaka tao amin'ireo atrikasa ireo. Nahafahana niaraha-nitady, araka izay azo atao, ny marimaritra iraisana eo amin'ireo laharam-pahamehan'ny Fanjakana sy ireo olan'ny mpisehatra hafa eo amin'ny fiompiana trondro ny atrikasa.

Aorian'ny fankatoavana dia handalo dingana maromaro hijerena ny lafiny teknika eo anivon'ny MAEP sy ny andrim-panjakana hafa toy ny Ministeran'ny fambolena sy fiompiana ary ny tontolo iainana ireo didim-panjakana ireo. Hofaritan'ny DGPA/DDA, avy amin'ireo torohevity ny mpandray anjara, ny drafitr'asa fampahafantarana ireo mpisehatra voakasika momban'ny fampiharana mivantana ny didim-panjakana.

Rehefa lany ny vontootin'ny didim-panjakana dia hadika amin'ny teny malagasy ary hataon'ny DDA anaty naoty, soniavin'ny Minisitra. Aorian'ny fahazoana laharam-pamantarana avy amin'ny Primatiora no hanatontosan'ny DDA ny drafitr'asany.



Mpandray anjara tamin'ny atrikasa

## LOHAHEVITRA : Ny halatra trondro

### Itasy sy Vakinankaratra Mpiompy trondro lasibatry ny halatra

*Ho hitanareo ao anatin'ity lahatsoratra ity ny fijoroana vavolombelona ataon'ny mpiompy trondro roa avy ao Itasy sy mpiompy iray avy ao Vakinankaratra mikasika ny halatra nahazo azy ireo sy ny vokatr'izany.*

#### Saika isan-taona no very ny trondron-dRanarison Augustin antsoina hoe « Guy »

« Antanetilava, fokontany Igararana, kaominina Miarinarivo, no misy ahy. Efa 20 taona no niompiako trondro vao niaraka tamin'ny APDRA. Isan-taona, misy mangalatra ny trondroko, ray sy renintrondro matetika. Rehefa niara-niasa tamin'ny APDRA aho dia nihena izany ary tena niato mihitsy nandritra ny roa taona. Ankehitriny anefa dia tsy azoko lazaina fa tsy misy intsony ny halatra, satria ray sy renintrondro 5, ny ankamaroan'ny ananako, no very tamin'ny taona lasa teo. Vokatr'izany dia nihena amin'ny antsasany ny vokatra zanatrondro azoko. Tsy afaka namatsy ireo mpanjifako aho ka voatery mamorona renintrondro betsaka amin'ity taona ity.



Guy eo am-pitsidihana ny toeram-pamokarany

Nifampidinika mikasika ny halatra trondro izahay mpiompy trondro teto amin'ny manodidina. Tapakay tamin'izany ny hametraka takelaka mandrara ny fivezivezena amin'ny dobo fitahirizana ray sy renintrondro sy ny tanimbary famindrana ary hampandoa onitra amin'ny fokontany ireo izay tratra mandika izany. »

#### Tapitra nangalarin'olona avokoa ny renintrondron-dRazanamonjy Vola na «Totoa Vola», tsy afaka namokatra zanatrondro izy tamin'ity taona ity.

« Ao Ambahona aho no monina, fokontany Amboalefoka, kaominina Miarinarivo II. Efa ela no niompiako trondro, tsy mbola nahalala ny teknika nohatsaraina aho tamin'izany. Efa-taona izao no niarahako niasa tamin'ny APDRA ary nahazoako fiofanana amin'ny fiompiana trondro.

Tamin'ny septambra aho no nampanatody ary lasan'ny mpangalatra androalina ny renintrondroko roa. Tsy nahazo zanatrondro aho izany tamin'ity taona ity. Fatiantoka aratoekarena lehibe ho ahy ny fahaverezan'ireo renintrondro ireo satria voatery aho mividy zanatrondro hamenoako ny tanimbariko. Tsy nisy azoko natao satria tsy fantatro ilay

mpangalatra. Mikasa ny hanorina trano kely fiambenana mandritra ny fotoana fitahirizana ray sy renintrondro eo akaikin'ny toeram-piompiako aho. »

#### Ny alin'ny 2 jolay 2019, nangalarin'olona daholo ny trondron-dRakotomanantsoa Fleury, antsoina hoe «Fleury». Mpiompy trondro ao Andohavary, kaominina Inanantonana, distrikan'i Betafo i «Fleury».



Toeram-pamokaran'i Fleury

« Fatiantoka be no nahazo ahy satria trondro 68 kg no very. Karazany maro no lasa tamin'io : *black bass*, karpa, vangolaopaka nentina avy any amin'ny faritra Atsinanana saika hanaovana fanandramana aty amin'ny faritra afovoany andrefana.

Nilazako ny mpiara-monina sy ireo olona manodidina ny alin'ny loza. Narahinay ny dian'ny mpangalatra ka very teo amin'ny sampanan'ny lalam-pirenena faha 34. Nampandrenesiko taorian'izay ireo tomponandraikitra amin'ny sehatry ny fiompiana trondro, ny mpitandro ny filaminana, ny mpamokatra manamorona ny lalam-pirenena faha 34 hanaraha-maso ny lalan'ny vokatra. Tsy nahitam-bokany izany satria tsy fantatra ireo olon-dratsy. Ny fametrahana tambazotran'ny mpamokatra no heveriko hampihena ny halatra. »



Totoa Vola

# LOHAHEVITRA : Ny halatra trondro

## Amoron'i Mania

### Dina hoenti-mandresy ny halatra trondro

*Lasibatry ny halatra trondro ka nivondrona ireo mpiompy trondro ao Ankerambe, kaominina Imito, distrikan'i Fandriana, hametrahana dina, lalàna sosiahy hampiharina eo anivon'ny fokontany. Maneho ny dingana narahan'izy ireo ity lahatsoratra ity.*

Ny taona 2018 no nanomboka niasa tao Ankerambe ny APDRA ka nanohana mpiompy trondro miisa 11. Manoloana ny halatra trondro vaventy, ray sy reninondro ary zanatondro, dia nanangana ny fikambanana Fiombonantsoa 3 izy ireo. Miisa 28 ankehitriny ny mpikambana.

Nanatona ny mpiompy trondro tao Ankerambe ireo mpiompy trondro avy amin'ny fokontany 3 manodidina, Ambohibary, Mandimbisoa sy Iharandraony, hiara-mamolavola ny dina mifehy ny halatra trondro. Taorian'ny fivoriana, nivoaka ny fitsipika ahitana andininy 12. Ny andininy faha 7, ohatra, dia mandrara ny fakana vilona eny akaikin'ny toeram-piompiana trondro ary ny fandoavana onitra 5 000 ariary amin'ny fikambanana no sazy. Nankatoavin'ny manam-pahefana teo anivon'ny kaominina ny dina ary nambara tamin'ny mponina rehetra nandritra ireo fivoriam-pokontany. Hapetraka hahazoana fankatoavana farany any amin'ny tribonaly ny dina.

Na dia 7 monja aza ny halatra nitranga tamin'ireo fokontany ireo ny taona 2018 sy 2019 dia manantena ny mpiompy trondro fa hahafonana ny olana ny fanazavana amin'ny olona ny fisian'ny dina.

Maro ireo mpiompy trondro amin'ny fokontany manodidina no liana sy maniry ny hametraka dina tahaka izany satria resy lahatra amin'ny mety ho fahombiazany.



© APDRA 2020

Famakian'ireo mpiompy trondro ao Ankerambe ny dina

## Amoron'i Mania

### Fampahafantarana amin'ny onjampeo

*Taorian'ny fanadihadiana mikasika ny rojom-pihariana trondro an-tanimbary nataon'ny APDRA tamin'ny 2018-2019, dia nisy fivoriana an-databatra boribory natao hiadiana hevitra mikasika ny asa fanohanana hatao tao Amoron'i Mania, tamin'ny volana jolay 2019. Ny fanatontosana fandaharana mikasika ny halatra trondro amin'ny onjampeo no asa voalohany narason'ny mpandray anjara.*

Natao hampahafantarana ny mpihaino ny lalàna misy sy ny sazy miandry ny mpangalatra sy ny mpisompatra ny fiompiana trondro io fandaharana io. Rehefa tapaky ny fivoriana dia ny APDRA sy ny Sampan-draharaham-paritry ny Jono sy ny Fiompiana anaty rano (SRPA) no nisahana ny fangatahana alàlana tany amin'ny prefektioran'Ambositra.

Taorian'izay, nisy fivoriana natao niaraka tamin'ny sekretera jeneralin'ny prefektiora, ny tale jeneralin'ny fampandrosoana, ny kaomandin'ny borigadin'ny zandarimaria, ny solontenan'ny polisy nasionaly Ambositra, ny SRPA-n'ny faritra, ny filohan'ny FIFATAM sy ny talem-paritry ny APDRA hamaritana ny vontoatiny. Tapaka fa ny SRPA no hanao ny fampidirana ; ny polisy sy ny zandarimaria no hanazava ny lalàna ; ny tantsaha no hamelabelatra ny mahatsara ny fivondronana, ny fametrahana fitsipika anatin'ny sy dina hoenti-miady amin'ny halatra ; ny APDRA no hanindry ny maha-zava-dehibe ny ady amin'ny halatra trondro sy hampirisika ny tantsaha hanamafy ny fiombonan'izy ireo ary hanohy ny fampivoarana ny sehatry ny fiompiana trondro.

Nalefa tamin'ny onjampeom-pirenena malagasy sy onjampeo roa tsy miankina tao amin'ny faritra nandritra ny roa herinandro ny fandaharana mba ho voarain'ny mponina tsara. Maro ny olona nanambara fa tsy mahafantatra ny fisian'ireo lalàna mifehy ny fiompiana trondro talohan'ny nandefasana ny fandaharana. Nisy mpiompy trondro nilaza koa fa tsy mahatsiaro ho irery intsony amin'ny ady ataon'izy ireo amin'ny halatra.



© APDRA 2020

Fandraisam-peo ny fandaharana

## LOHAHEVITRA : Ny halatra trondro

### Matsiatra Ambony

## Mivondrona handresena ny tsy fandriampahalemana

*Ramasy, filohan'ny fikambanana Hery Miray, dia monina ao Ankaraoaka, fokontany Ranomaitso, kaominina Andoharanomaitso, distrikan'Ambalavao. Resahiny amintsika ny fepetra noraisin'ny fikambanana naoriny handresena ny tsy fandriampahalemana.*

Lasibatry ny halatra maro karazana (omby, trondro) ny mponina ao Ranomaitso nandritra ny taona maromaro. Ny tanora tsy manan-katao, avy ao amin'ny fokontany, ihany anefa matetika no mangalatra. Manoloana io olana io, Ramasy, izay mpiompy trondro, dia nandresy lahatra ireo namany hivondrona anatin'ny fikambanana Hery Miray. Tafatsangana tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny martsa 2019, natao hanomezana asa ireo tanora ny fikambanana, tanjona ny hahazoan'izy ireo vokatra manokana amin'ny fomba madio. Fianakaviana miisa 250 izay ahitana tovolahy miisa 500 no mikambana ao amin'ny Hery Miray.

Napetraky ny fikambanana ho andro iray iaraha-miasa ny asabotsy, tahaka ny valin-tànana : miara-miasa any amin'ny mpikambana iray ny rehetra, mifandimby amin'izany. Tsy manao fandanianana ny mpahazo tombontsoa mandritra ny asa satria samy mitondra ny sakafony ny mpikambana. Nanangana sompitra iombonana ihany koa ny fikambanana

hanatsaran'ny mpikambana ny fitantanam-bokatra (voamaina, vary). Farany, mampirisika ny tsirairay hampiakatra isan-taona ny fatra vokarina izy, amin'ny fanaraha-maso ny famokarana miainga amin'ny fijinjana hatramin'ny fanjifana.

Hatramin'ny nisian'ny fikambanana, nihena 98 % ny halatra mpahazo ny vokatra ny fambolena sy fiompiana. Raha misy tranga dia ny fikambanana no misahana ny fitadiavana ny mpangalatra ary mitondra ny raharaha any amin'ny manam-pahefana. Ny fifampitam-baovao haingana eo amin'ny mpikambana sy ny manam-pahefana dia mampiahotra ny mpanao ratsy ary manafaingana ny fahitana ireo izay mbola miroso amin'ny asa ratsiny. Mikasika ny halatra trondro, tranga 4 no hita tamin'ny taona 2018, trondro matavy hatramin'ny 20 kg no lasan'ny mpangalatra indray mifaoka. Hatramin'ny nijoroan'ny fikambanana dia tsy nisy intsony ny halatra ary tsy mila miambina mandritra ny fotoana mampanahy ny mpiompy trondro.

### Atsinanana

## Fitadiavana vahaolana amin'ny halatra

*Hatramin'ny 2017 dia nitombo isan-taona ny halatra trondro mahazo ny mpiompy any amin'ny Morontsiraka Atsinanana kanefa ny mpangalatra tsy voasazy na mandrahona izay mitoroka azy. Manoloana izany, nandray fomba fiasa manokana hitadiavam-bahaolana miaraka amin'ireo mpisehatra eo amin'ny zotram-pihariana ny ekipan'ny APDRA.*

### Fiaraha-mitady vahaolana

Tamin'ny febroary 2017 no natao ny fivoriana voalohany niaraka tamin'ny mpiompy trondro, ny APDRA sy ny manam-pahefana (solontenan'ny Ministera, ny faritra, ny distrika, ny kaominina sy ny fokontany) hihainoana ireo mpisehatra voakasiky ny olan'ny halatra.

Tamin'ny 2018, saika nahatsangana kaoperativa hiadiana amin'io loza, izay miha-mahazo vahana hatrany, io ny tantsaha izay nampian'ny tetikasa. Tsy nahatanteraka izany anefa ny tsy fankatoavan'ny mpisehatra sasany io vahaolana io.

Tamin'ny martsa 2019, nisy fivoriana vaovao niarahana tamin'ny tantsaha maro an'isa kokoa (mpandray anjara 70), hanamafisana ny hevitra efa voaangona sy hahafahana miroso. Niaraka tamin'ny finiavana hampiakatra ny vokatra dia ny olan'ny halatra no lohalaharana tamin'ireo olana mampanahy ny mpiompy trondro. Hahafahana mamaritra tsara ny olana sy ny vahaolana, vondrona roa (iray any Avaratra ary iray any Atsimo) no niarahan'ny APDRA niasa.



Mpandray anjara tamin'ny fivoriana fiaraha-mitady vahaolana

## LOHAHEVITRA : Ny halatra trondro

Fanontaniana dimy mazava no voatàna tamin'ny farany :  
 1) Ahoana no anaraha-maso ny fidirana sy fivoahan'ny trondro amin'ny toeram-pamokarana ? 2) Ahoana no atao hananan'ny fiompiana trondro fitsipika manokana mifehy azy ? 3) Ahoana no atao mba hahavoasazy marina ny mpangalatra ? 4) Ahoana no atao mba tsy hampatahotra ireo nanatri-maso ny halatra hanao vavolombelona ? 5) Ahoana no anakanana ny teknikam-panjonoana ampiasana famamo, poizina avy amin'ny *tephrosia* izay manimba ny zava-mananaina anaty rano manodidina ?

Tamin'ny volana jona 2019, nifanakalo hevitra nandritra ny iray andro ny mpisehatra rehetra (mpiompy trondro, manam-pahefana ifotony, sampan-draharaha teknika voatendry, tetikasa mampiroborobo ny fiompiana trondro, mpamatsy vola, mpikaroka, mpitandro filaminana) hamaliana ireo fanontaniana. Niasa tsiroaroa izy ireo ary nisy tatitra natao tamin'ny farany. Nandritra ny telo volana, ny ekipan'ny tetikasa taorian'izay no namintina ireo vahaolana natolotra ary nihevitra ny dingana hatao manaraka : ny fametrahana « Tranon'ny Fiompiana Trondro » izay ahafahana manamafy ny fifandraisan'ireo mpiompy trondro sy manamora ny fifampitana vaovao eo amin'ireo mpisehatra voakasika rehetra.



Asam-baomiera

### Tranon'ny fiompiana trondro

Aorian'ny fametrahana azy, ny Tranon'ny Fiompiana Trondro dia ho lasa toerana fihaonana, fifanakalozana tao raharaha sy vaovao ahafahana mampihena ny halatra amin'ny farany. Ankoatra izay dia toerana hamaliana ireo olan'ny zotram-pihariana trondro sy ny fampandrosoana azy ihany koa.

- Tao raharaha : famarotana sy fividianana, tolotra sy tinady (zanatondro/trondro vaventy), fampiofanana. Toeram-pivoriana mikasika ny zotram-pihariana, famolavolana ny fitarainana na sosen-kevitra hampitaina amin'ny manam-pahefana... Azon'ny mpanentana miasa amin'ny tetikasa ialofana ary azon'ireo tetikasam-pampandrosoana ihaonana sy handaminana asa ny trano.

- Vaovao : fahalalana mikasika ny lalàna sy fitsipika mifehy ny jono sy ny fiompiana anaty rano, mikasika ny zotram-pihariana (famokarana, varotra hatao anatin'ny herinandro, gazety FMT, lisitry ny mpiompy...), mikasika ireo tetikasa fiahiana ara-tsosialy na hafa mety hahaliana ny mpiompy trondro sy ny fianakaviany.

- Fanaraha-maso : ataon'ny mpiasa eo anivon'ny kaominina, ny tomponandraikity ny sampan-draharahan'ny jono sy ny fiompiana anaty rano : fanjohina mazava ny trondro (kahie fitanana an-tsoratry ny famarotana sy ny fividianana) sady fanamarinana ny karinen'ny mpiompy trondro, fanangonana ny tamberim-bidy ho an'ny kaominina sy lisitra ho an'ny distrika tsirairay.

Fikambanana mijoro ara-dalàna izay ankatoavin'ny manam-pahefana no hitanana ny Tranon'ny fiompiana trondro. Aorian'ny fisitrahany fiofanana mikasika ireo lalàna sy fitsipika no ahafahany mampianatra ireo vaovao na mpisehatra eo amin'ny zotram-pihariana eo an-toerana mikasika izay tokony hatao na tsia.

### Vahaolana natolotra

Taorian'izay, niantso ny lehiben'ny distrikan'i Vatomandry hampahafantarina ireo vahaolana voatàna sy hiady hevitra mikasika ny fanandramana mivantana izany eo anivon'ny distrika ny tomponandraikitra ifoton'ny jono sy ny fiompiana anaty rano ary ny ekipan'ny APDRA. Nanamafy ny lehiben'ny distrika fa teboka 3 lehibe no tokony hajaina amin'ny fametrahana ny Tranon'ny Fiompiana Trondro : 1) Ny fahafaha-manjohy ny trondro, amin'ny fametrahana karinem-bokatra isaky ny mpiompy trondro ; 2) ny fananganana lisitry ny mpiompy trondro apetraka eny amin'ireo manam-pahefana isan'ambaratongany (fokontany, kaominina, distrika sy fari-piadian'ny Ministera), hamantarana ny mpiompy tsirairay sy ny raharaha ataony ; 3) ny fametrahana fanaraha-maso, tokony hovoatomboky ny manam-pahefana isaky ny jono sy varotra atao ny karine, isaky ny mivoaka ny faritra iray (fokontany, kaominina na distrika).

Tapaka fa handramana mandritra ny enim-bolana ny Tranon'ny Fiompiana Trondro sy ny vahaolana rehetra voaresaka. Hatao amin'ny volana jona 2020 ny atrikasa fanombanana, ary raha mahomby ny fomba fiasa dia hampihariny distrika amin'ireo karazam-pambolena sy fiompiana, ny tetikasa kosa hanaparitaka izany amin'ny distrika hafa.

Nisy fivoriana voalohany nizaràna ireo hevitra ireo tamin'ny mpamokatra zanatondro tamin'ny febroary 2020. Navitrika sy resy lahatra ireo mpiompy trondro tonga nanatrika. Nanolo-kevitra ny hanombohana izany any amin'ny renivohitry ny distrika sy hanaovana fivoriana manokana mikasika ny lohahevitra izy ireo.

## TARATASIN'NY MPAMAKY

### Fahitàn'ny mpamaky ny n° 45

« Mety ho lasa lafy ratsiny ho an'ny ankizy mpianatra ny fanehoana amin'ny gazety ny tanora misehatra amin'ny fiompiana trondro satria mety hitarika azy hiala amin'ny fianarana raha mahazo vola. Vitsy ny ankizy mahavita milofo amin'ny fianarana no sady miompy trondro satria mbola miankina amin'ny ray aman-dreny. Raha famahanana dia vitan'ny ankamaroany. » Balita (Imito)

- Valin-tenin'ny APDRA : mihoatra ny 18 taona ny ankamaroan'ny tanora mpiompy trondro hita ao amin'ny laharana faha 46 ary mampihatra ny fahalalana azony tamin'ny fampiofanana an-tsekoly nomen'ny APDRA. Tsy mianatra intsony ny sasany kanefa ny tanjona tokana iraisany dia ny hanampy ny ray aman-dreniny amin'ny fampiharana ny fiompiana trondro mba hahafahana mandoa ny filàna andavanandro, ao anatin'izany ny saram-pianaran'izy ireo.

« Namaky ilay gazety ny zanako anankiroa mianatra amin'ny CEG ka liana amin'ny fiompiana trondro ary nangataka tanimbary ho azy ireo ahafahany miompy. Tsy nisy intsony anefa ny zanatondro karpa ka voatery tilapia marakely aloha no nomena azy ireo amin'ity taom-pamokarana ity fa amin'ny taom-pamokarana manaraka vao manao karpa. » Roger (Ilaka Centre)

« Rehefa avy namaky ny gazety ny zanako mbola mpianatra dia nangataka tanimbary tamiko hampiasainy. Napetraka ho fialam-boly

sady fampianarana ho azy ny tanimbary nomeko hoampiasainy mba tsy hironany amin'ny zavatra hafa mety hanimba azy. Mazoto mitsidika ny fiompiana any an-tanimbary ny ankizy rehefa tsy mianatra ka mampihena ny fotoana laninay amin'ny fiambenana izany. » Ndrema (Alakamisy Ambohitato)

« Ny tanora manampy ny ray aman-dreny ao anaty lahatsoratr'ltasy, mitovy amin'ny tranga iainako. Manampy ny fianakaviana ny fiompiana trondro satria manentsina ny trosa sy ny fandaniana madinika, miaro ny vary mba tsy amidy. » Radada (Ambalamisitry)

« Modely ho an'ny tanora mbola mianatra ny fampiharana ny fiompiana ao amin'ny toeram-pamokarana. Azo ampiarahina tsara izy sy ny fianarana fa tsy misy ny fifaninanana ara-potoana. Manampy amin'ny ara-bolan'ny fianarana ny fiompiana trondro. Ohatra velona ireo voalaza amin'ny gazety ireo, mandrisika ny tanora hanana seha-pihariana iray matanjaka. » Ralanto sy Rajosé (Isorana)

« Nampirisika ny olona sasany izay tsy mbola nampihatra ny fiompiana trondro hiditra ao anatin'ny vondrona misy anay ny famakiany ny gazety FMT. » Olga (Tsvangiana)

## SAMIHafa

### Ny vangolaopaka, trondro vahiny

Ny vangolaopaka na kabô, toy ny trondro maro ompiana eto Madagasikara, dia vahiny. Nahita lahatsoratra mikasika ny andrana voalohany natao tamin'io karazan-trondro io tao amin'ny toeram-piompiana tao Ivoloina (Toamasina) izahay. Indro fintinany ho anareo izany.

18 ny tontalin'ny ray sy renintronro nampidirina tao Ivoloina, nandritra ny fampidirana in-droa, tamin'ny 1962 avy any Centrafrique sy tamin'ny 1963 avy any Cameroun. Vitsy mpahalala io trondro io tamin'izany. Rehefa tonga izy, fantatra fa : 1) tsy manatody afa-tsy indray mandeha isan-taona ; 2) ny orambe sy ny tondradrano no mampisy ny fanatodizana ; 3) ambony ny fahafatesan'ny zanatondro ; 4) tsy hay avahana ny lahy sy ny vavy ; 5) karazan-trondro tokam-po. Nisy andrana natao araka izany hamaritana : ny fotoam-panatodizana, ny taona maha-matoy azy (fanatodizana voalohany), ny isan'ny fanatodizan'ny mpivady, ny antony mahafaty ny zanatondro, ny isan'ny zanatondro mety ho azo.

Natao anaty dobo mirefy 4 ara ny trondro miisa 4 na 5 ary afindra amin'ny dobo hafa ny mpivady izay azo aorian'izay. Natao tamin'ny 15 oktobra hatramin'ny 15 aprily ny fampanatodizana, fotoana mafana sy be orana. Ny hafanan'ny rano (mihoatra ny 30° C amin'ny faran'ny tapak'andro hariva mandritra ny andro vitsivitsy) no toa tena mampisy ny fampanatodizana mihoatra amin'ny orana.

Trondro 20 volana no nanatody voalohany. Nahitana tranga fanatodizana vitsivitsy koa anefa tamin'ireo trondro herintaona. Mety hisy ny fanatodizana betsaka (hatramin'ny 7 isan-taona) rehefa sarahina amin'ny ray aman-dreniny ny zanatondro. Mety hihoatra ny 1 000 ny zanatondro azo isaky ny fanatodizana. Hita tamin'ny fanaraha-maso natao ny tsy fihinan'ny ray aman-dreny ny zanatondro fa arovany sy fahanany « rehefa korontanina ny fotaka ary mifandrombaka miditra ao anaty fotaka ireo andian-janatondro ».



Tamin'ny taona 1962 no nampidirina ny vangolaopaka teto Madagasikara

Ny daty tsara indrindra anasarahana ny zanatondro amin'ny ray aman-dreniny dia afaka 11 andro eo, mirefy 15 hatramin'ny 20 mm ny habeny. Ny fomba tsara indrindra hikajiana ny zanatondro dia ny fampiarahana azy amin'ny zanatondro lehibe noho izy : ireo no manakorontana ny fotaka hiarovany ny madinika. Afaka 2 volana no fotoana maha-afa-doza ny zanatondro ka manodidina ny 100 isaky ny fanatodizana ny zanatondro mety ho azo izay mirefy folo santimetra eo ho eo ny iray.

Nohamafisin'ireo mpanoratra ankehitriny na taty aoriana (Moreau, 1992) ireo fanamarihana voalohany natao taty Madagasikara ireo. Na dia misy asa fikarohana vao haingana aza (Monentcham, 2009 ; Koua, 2019) dia tsy mbola fantatra tanteraka ny momba ireo trondro ireo. Tsy mbola fantatra hatreto ireo fomba na toetra anavahana ny fananahany.


<sup>1</sup>Rakotomampison Alphonse ; martsa 1966. « Premiers résultats sur l'acclimatation de l'*Heterotis niloticus* à Madagascar ». Tao anaty Bulletin de Madagascar n° 238 ; p. 215-241.



# SAMIHAFI

## RARINTENY

Fenoy amin'ny alalan'ny famaritana etsy ambany ny karakara



- |  |  |
|--|--|
| 1. Mitambatra ka mikambana ho iray                   | 5. Fitsipi-pifehezana novolavolain'ny fiaraha-monina |
| 2. Asa fanaraha-maso ny fananana mba tsy ho very     | 6. Fitsipika mifehy                                  |
| 3. Fanapahan-kevitra na zavatra hatao hamahana olona | 7. Fakana tsy ara-dalàna ny fananan'ny hafa          |
| 4. Fahavoazana amin'ny zavatra iray                  |  |

Valiny :  
 1. Mivondrona  
 2. Fambenana  
 3. Vahaolana  
 4. Fiantonoka  
 5. Dina  
 6. Lalàna  
 7. Halatra

## Covid-19

Nanomboka tamin'ny 15 martsa dia tapaka tsikelikely ny fifandraisan'i Madagasikara tamin'izao tontolo izao mba hanakanana ny fipariahan'ny valan'aretina COVID-19 eto amin'ny Nosy. Manakaiky ny 2 hetsy no matin'io valan'aretina mahazo an'izao tontolo izao io ary azo antoka fa hiteraka krizy ara-toekarena maneran-tany tsy mbola fahita. Nandray fanapahan-kevitra miavaka, mandrara ny fivoriana, mametra ny fivezivezena, manidy ny sekoly ary mampihiboka ny tanàn'Antananarivo sy Toamasina ary Fianarantsoa, ny governemanta. Mikarakara ny fanaraha-maso ny marary sy ny olona nifampikasoka taminy izy ary manomana ny hopitaly hamerana faran'izay azo atao ny fipariahana sy hitsaboana tsara ny olona.

Izahay ato amin'ny APDRA dia te handray anjara amin'izany ezaka nasionaly izany ho fialàna amin'ny mety fihanaky ny aretina dia ny famerana ny fivezivezena sy ny fivoriana. Avy ao an-tranony aloha ny ekipanay no manohy ny asany fa tsy mandeha eny ifotony intsony. Vitanay ny manao ny asa sasantsany, tahaka ny famitana ity laharan-gazety FMT ity.

Miantraika mivantana amin'ireo mpiompy trondro ny tsy fahitany intsony ireo teknisianina na ACP. Miezaka hanohy ny fifandraisanay aminareo amin'ny alalan'ny finday izahay. Ho an'izay ahafahana manao izany dia hiantso anareo ny ACP, na ny mpiray fikambanana, ny mpiara-monina aminareo. Mazava fa tsy mahafa-po akory io vahaolana io ary manahirana ny miasa anatin'ireo fepetra ireo kanefa ny fandriampahalemana sy ny fahasalaman'ny rehetra no laharam-pahamehana aminay ankehitriny.

Misaotra amin'ny fankatoavanareo.

## Mofa trondro

### Fangaro :

Trondro (nalàna taolany) 2 kg  
 Voatabia voavaofy  
 Atody 12 ka ny 4 nokapohina ho lasa raotra fotsy  
 Karaoty, tongolo be, thym sy persily hatao amin'ny ranon'ny nahandro

### Fikarakarana


- Ahandroina amin'ny afo tena malefaka mandritra ny 10 min ao anaty rano ny thym sy persily, ny karaoty sy ny tongolo be voatetika madinika (*court-bouillon*)
- Ahandroina ao anaty *court-bouillon* amin'ny afo tena malefaka mandritra ny 6 hatramin'ny 8 min ny trondro



Mofa trondro

- Ahandroina mandra-paharitra ny ranony ny voatabia
- Afangaro ny trondro, ny voatabia, ny atody sy ny tapotsin'atody nokapohina lasa raotra
- Atao anaty lovia ilay fangaro vao ahandroina ao anaty vilany misy rano.

Mazotoa homana ô !



APDRA  
 Pisciculture Paysanne  
 Antenne Madagascar  
 La Résidence Sociale  
 Antsirabe - MADAGASCAR  
 Tél. (261) (20) 44 489 89  
 www.apdra.org  
 lvrp@apdra.org

### Talen'ny Famoahana

Barbara Bentz

### Tonian'ny Fanoratana

Sidonie Rasoarimalala

### Mpanoratra

Herisoa C. Andrianantenaina

Zo Andrianarinirina

Clémentine Maureaud

Philippe Martel

Tsiry Rabarijaona

Patrick Rakotondrazafy

Donatien Razafindratsiry

Eric Razafimandimby

Rosalie Razafimatoa